# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Desambra 2019

# 24 **Talata** desambra

**... ary ny anarany hataonao hoe JESOSY.**
Matio 1. 21

**Ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery, Rain'ny mandrakizay, Andrianan'ny fiadanana.** Isaia 9. 5

**Anarana mahatalanjona**

*Anarana mahagaga izay nampahita,*
*Etỳ an-tany anjakan'ny haizina,*
*Ilay Andriamanitra tsy mbola hitan'iza na iza,*
*Ao anatin'ny famirapiratany tsy hay hatonina !*

*Anaran'Ilay Olona nanetry tena sy nanirery*
*Feno fangorahana ireo fahoriantsika,*
*Mpanompo an-tsitrapo, nitondra*
*Ny enta-mavesatry ny fijaliantsika ;*

*Anarana tsy manam-tsahala, ka ny heriny*
*Dia mamaly mandrakariva ny finoantsika ;*
*Anarana mampivory manodidina Anao*
*Ireo navotanao, na tsy eo aza Ianao ;*

*Anaram-piandrianana, hajoron'Andriamanitra Ray*
*Ho Tompon'izao rehetra izao ;*
*Ka handohalika eo alohan'izany, indray andro any,*
*Ny lanitra, ny helo, ary ny tany ;*

*Anaran'i Jesosy, tsy hain'iza na iza fantarina,*
*Anaran'Ilay Andriamanitra mahery mandrakizay,*
*Sy an'Ilay Zanak'ondry, Mpamonjy izao tontolo izao,*
*Ary an'Ilay Olona nitsangana tamin'ny maty ;*

*Anaran'Ilay Kintana fitarikandro,*
*Anaran'Ilay Kintana mamiratra antoandro,*
*Voninahitra anie ho Anao, ry anaran'ny Fahazavana,*
*Isaorana anie Ianao, ry anaran'ny Fitiavana !*